


# DIMY ANDRO TANY AN-DANITRA SY TANY AMIN'NY HELO

## « HANKAIZA IANAO RAHA MIALA ETY? » "Fijoroana Vavolombelon'i BERNARDA FERNANDEZ"

Ny fahitana mazava ny voninahitra ho avy dia hamelona faniriana fatratra ao am-pon'ny Kristianina "handeha hody" na dia toa fiainana milamina sy feno fifaliana aza no iainany eto an-tany. Saingy terentsika hanisy tsilo ny akanintsika toa feno fiadanana ny Tompo matetika mba hamelona ao amintsika ilay fanantenana hanidina "Ho any aminy" raha afaka fotoana fohy.

## FANOLORANA

Tonga soa eto Madagasikara indray ianao, hoy aho tamin'ity mpanompon'Andriamanitra iray nivahiny teto amintsika. Ka inona no vaovao?

Misy tokoa! Hoy izy tamiko. Natolony ity bokikely vita printy. Nisy vehivavy Amerikanina iray nijoro ho vavolombelona.

Ny amin'ny nitondran'ny Tompo azy tany an-danitra sy tany amin'ny helo nandritra ny dimy (05) andro. Voaray tamin'ny horonam-peo avokoa ny teniny ary nadikan'ny vadiko tamin'ny teny frantsay. Nomeny ahy io bokikely io.

Rehefa novakiako ilay izy dia niezahako nofantarina ny fahamarinany ara-tsoratra Masina, ary tsapako fa tena tokony ho fantatry ny rehetra fa tena misy ny Helo sy ny Lanitra. Manamarina izany ity fijoroana ho vavolombelona ity ary dia izao nadikako amin'ny teny Malagasy izao rehefa nierako taminy.

Ekena ihany fa hisy ny tsy hino, "na dia misy mitsangana amin'ny maty aza".

Moa tsy efa nitsangana tamin'ny maty va ny Tompo nefa dia tsy mino Azy ny maro?

Atolotro ho anao Kristianina indrindra ity boky kely ity hanaporofoana amin'izay efa inoanao rahateo sady hampitombo ny fitiavanao hitory ny filazantsara sy hiaina amin'ny fahamasinana satria efa "antomotra ny andro".

**PASTEUR RAZAFIARISON Emilien**

# *Mihena tsikelikely ny heriko*

Nandry tsy nisy aina intsony teo am-pandriana ny tenan'i Bernarda. Nalain'ny Tompo hitsidika ny Lanitra sy ny Helo nandritra ny dimy andro izy. Nasehony azy ireo zavatra maro nambaran'ny Tompo hitan'ny Apostoly Jaona tany Patmos ao amin'ny Apokalypsy. Zava-misy marina izay ambara manaraka eto araka izay nolazainy.

Indray alina, narary mafy aho no nanomboka izay ambarako eto. Tsaroako mihena tsikelikely ny heriko. Fantatro fa hisy zavatra hiseho. Dia nanohy nidera sy nankalaza ny Tompo aho, ka nanambara ireo teny fikasany hanasitranany ahy! Tsy hoe aretim-po akory izany. Rehefa nadiva haraina, raha nahita ahy narary mafy toy izany ny vadiko dia niteny tamiko hoe:

Tsy handeha hiasa aho, hoy izy.

Nolazaiko anefa izy fa tsy maintsy mandeha. Hoy indrindra aho taminy: *"Tsy irery aho fa eto amiko ny Tompo"*

Fantatro fa tonga ny fotoana hihaonako amin'ny mpamonjiko (Jaona: 14:3). Afaka nandray ny telefonina ihany aho. Nantsoiko ny rafozam-baviko ka nilazako izy fa ho faty aho. Nidina tampoka tao aminy anefa ny Fanahy Masina dia hoy izy tamiko: *"Hisy zavatra hiseho eo amin'ny fiainanao anio, tohizo ny fiderana an'Andriamanitra".*

Dia niantso anadahy hafa koa aho. Nambarako azy ny zava-misy nefa dia valin-teny toy izay nolazain'ny rafozako ihany koa no navaliny ahy. Nasainy nitsangana aho. Dia hoy aho: *"Tsy afa-miarina aho fa tena kely ny heriko".* Dia hoy izy: *"takio ho anao ny heriny"*

Dia niantsoantso aho hoe: *"Jesôsy Tompo ô! Omeo hery aho!"* Dia tsy afa-niteny intsony aho, fantatro tamin'izay fa tonga ny fotona hihaonako amin'ny mpamonjiko (Jaona: 14:3). Dia nibitsibitsika aho hoe: *"Avia Jesosy Tompo ô! Miandry anao aho!"* Tsy ren'ny olona intsony ny feoko nefa fantatro fa ren'Andriamanitra.

Toa nirehitra afo ny efitrano nisy ahy, nisy zavatra niova tao amiko. Nanodidina ahy ny afo. Natahotra aho. Nahita mazava lehibe aho. Tsaroako fa tsy mpisy ety an-tany izany. Dia indreny anjely maro nidina dia nidina tao an'efitranoko. Hitako nitsena nanatona ahy izy ireo. Misy tokoa ny anjely manodidina izay matahotra an'i Jehovah (Hebreo 1:14). Vao mainka niantso ny Tompo aho sady niandrandra ny hiaviany.

Jesosy Kristy...... Nanantona ahy Izy..........

Jesosy Kristy nomem-boninahitra, mamirapiratra toy ny masoandro ny tarehiny. Toy ny lelan'afo ny masony. Miramirana ny endriny ary feno fitiavana. Fotsy misy fehiny volamena ny akanjony, eo amin'ny faritry ny tratrany misy soratra hoe 'ILAY MAHATOKY SY MARINA'. Nanantona ahy Izy ka nanomboka nangovitra ny tenako manontolo. Tsy nahajery Azy intsony aho fa niondrika. Noraisiny anefa ny tanako, dia nitraka nijery Azy indray aho. Feno voninahitra Izy. Dia hoy Izy tamiko: *"Izaho no Jesosy Kristy Tompo"*( Asa:9:5).

Raha vao nandre izany aho dia nianjera toy ny maty teo am-pandriako, nefa nijery fatratra Azy aho. Dia hoy indray Izy tamiko: *"Aza matahotra, Izaho no Jesosy, efa maty nisolo anao Aho. Jereo ny diam-pantsika eto amin'ny felantanako."* (Jaona 20:25-27). Hitako tokoa ny holatry ny nanombohana Azy tamin'ny hazo fijaliana.

Dia hoy Izy: *"Ilainao ny hikasihanao Ahy mba hahatsapanao fa tena misy Aho ary velona mandrakizay."*

Dia nahinjitro nikasika Azy ny tanako. Malefaka aok'izay ny tanany feno fitiavana. Dia hoy indray Izy tamiko: *"Niala avy tany amin'ny toeram-boninahitro Aho fa misy tiako hambara anao. Misy tokony homenao Ahy eo amin'ny fiainanao."* Nanaitra ahy io teny io. Dia hoy Izy nanohy ny teniny: *"Misy fahatezerana eo aminao, tsy fahampiam-pitiavana, tsy fahampiam-pangorahana. Misy hakamoana koa ao."* Dia nambarany ahy daholo ireo zavatra maro teo amin'ny fiainako noheveriko fa efa natolotro Azy. Nefa dia hoy ihany Izy tamiko: *"Tsy 25% no angatahiko na 60% na 90% fa 100% (*Romana 12:1*). Aoka ho masina ny fitondrantenanareo rah ate-ho any an-danitra tahaka ahy Masina."* (I Petera 1:15-16).

Nibebaka mafy aho raha nahare izany ka nametraka manontolo ny fiainako tamin'Andriamanitra. Nitalaho ny famelan-keloka sy famindram-po avy Aminy aho. Dia hoy Jesosy tamiko: *"Bernarda, handeha lavitra ianao."* Noheveriko fa handeha hanao misionera aho, nefa hoy Izy tamiko: *"Tsia."*

## *Nanoloana ahy ny Mpamonjiko.*

Nanoloana ahy ny Mpamonjiko nefa tsapako fa tena sakaizako koa Izy. Afa-niarina nandehandeha tao an'efitranoko aho, notantanan'ny Mpamonjy. Nankeo ambaravarankely hijery an'i New York izahay ary hitako fa nihanalahelo ny endriky ny Tompo. Hoy Izy: *"Torina ny teniko fa tsy mihaino izany ny marobe.Efa tonga eo anatrehan'ny Ray ny fahotan'ity tanàna ity."* (Genesisy 18:21)




Feno herisetra ity tanàna ity. Dia nolazainy ireo fahotana ao: ny fahavetavetam-pitondrantena, ny fijangajangana, ny fahotan'ny mpitondra. Dia hoy ihany Izy hoe: *"Efa tonga toa an'I Sôdôma ity tanàna ity, saingy velona aho ka hilatsaka eto tokoa ny fitsarana."*

Nitomany aho nandre izany. Dia hoy Izy: *"Aza matahotra ry Bernarda, fa rehefa hilatsaka ny fitsarana dia tsy ho eto an-tany intsony ny mino Ahy."* ( I Tesaloniana 4:15-18).

Dia notarihiny hiverina teo ampandriana aho. Naveriny indray hoe: *"Handeha lavitra ianao ry Bernarda."* Nilazany aho fa handeha hiaraka Aminy ka tokony hiantso an-tariby anadahy iray ao am-piangonana ka hilaza aminy hoe:

## "Handao ny tenako ny fanahiko..."

Handao ny tenako ny fanahiko (Mpitoriteny 12:7; Lioka 16:20-23), kanefa tsy azo entina any amin'ny hopitaly aho na homena mpikarakara fandevenana. Dia hoy Izy tamiko: *"Izaho no manome fiainana. Horaisiko ny fanahinao hiaraka Amiko nefa mbola haverina ao amin'ny tenanao ihany. Izaho no fananganana ny maty sy fiainana, izay mino Ahy na dia maty aza dia ho velona indray."* (Jaona 15:25). Dia nolazainy ahy koa fa hiaro ny nofoko tsy ho lo ny Fanahy Masina.

Nambarako ilay anadahy tao am-piangonana izany mba ho lazainy ny vadiko. Dia nihemotra ny Tompo ka naninjitra ny tanany tamiko ary nilaza hoe: *"Manaraha Ahy."*



Raha vao nandre ny teniny aho dia nangovitra mafy ary nihovitrovitra koa ny farafara. Dia tsapako fa nisy tena be voninahitra sady mazava be nivoaka avy ao amin'ny tenako. Ambarako mazava fa misy "Vatana fanahy" tokoa ato anatin'ity nofontsika ity, ary ho velona mandrakizay io "vatana fanahy io" (Lioka 16:22-43). Dia sady notantanany nivoaka ny trano aho no nilazany hoe:

*"Mitodiha ka jereo!"*

Indro hitako ny vatako mitsitra eo am-pandriana. Dia hoy i Jesosy tamiko: "Io vatana natao tamin'ny vovoka io dia hiverina ho amin'ny vovoka, fa ny vatana fanahy kosa dia hiverina eo anatrehan'ny fitsaran'Andriamanitra indray andro any" (Mpitoriteny 12:7). Samy hotsaraina araka ny asantsika avy isika rehetra.

Teo dia azoko antoka fa voavonjy aho; azoko antoka fa ho any an-danitra aho. Nefa dia nidina ho any ambanin'ny tany izahay. Dia nandalo lalana ambanin'ny tany tena maimbo sy mamanala fatratra izahay. Nitodika tany amin'ny Tompo aho ka niteny taminy hoe: *"Azafady Tompo ô! Tsy te-handeha aty aho. "* Fa hoy Izy Tamiko: *"Tsy maintsy ampahitana anao aloha ity teorana ity ry Bernarda."*

## ...Nandre hiakiaka sy fijalian'ny Vatana fanahy aho...



Teo am-pidirana ilay làlana ambanin'ny tany tena maimbo izahay raha nandre hiakiakan'ny fijalian'ny vatana fanahy aho dia heno fa nahatsiravina ahy fatratra ireo kiakiaka ireo.

Nandre kiakiakam-pijaliana be tsy hay lazaina aho, toeram-pijaliana tokoa (Lioka 16:23-25). Dia hoy aho: *"Tsy te handroso intsony aho Tompo ô!"* Fa hoy Izy: *"Ilaina ny ahitanao hoe firy isa-minitra no mianjera ao amin'io teoram-pijaliana io."* Tsy haiko hadinoina ny hiakiam-pijaliana reko tao. Dia nandroso ihany tamin'ilay tonelina izahay. Dia indro hitako ny helo (Lioka 16:23-25).Nanehoan'ny Tompo lavaka be tsy hita noanoa aho ka nilazany hoe: *"Jereo fa tena misy ny helo."*

Tena tsy nety azoko an-tsaina mihitsy io toerana mahatsiravina io. Nahita vatana fanahy feno ratra aho, mijaly, midridridridry, kankana vaventy be mahatsiravina no mampijaly azy ireo (Marka 9:41). Tsy misy afaka mampionona na iza na iza ary ho mandrakizay izany fijaliana izany (Matio 25:46; Apokalypsy 20:10). Nitomany nidradradradra aho nahita izany fahoriana mahatsiravina izany. Nanontany ny Tompo aho raha nisy lasa ao ny ankohonako, nefa dia tsapako fa tsy nekeny ny hahitako na iza na iza avy amin'ny fianakaviako.

Tsy dia mijoro ho vavolombelona loatra amin'ny fianakaviana isika nefa tokony hitory fatratra dieny ankehitriny izao amin'izy ireo isika. Aleo ambara sesilany aminy dieny ankehitriny ny marina, toy izay avela hizotra ho any amin'io toeram-pijaliana io izy, fandrao diso aoriana loatra. Tsy aleo ve omena

fotoana handraisana an'i Jesosy dieny ankehitriny izy ireo toy izay hangina isika dia avela ho any amin'ny helo. Helo izay misy afo tsy azo vonoina sy kankana tsy mety maty. Nanontany ny Tompo aho hoe: *"Misy olona mety ho fantatro ve ao?"* Dia hoy Izy tamiko: *"Misy ao ary avelako hahita azy hianao."*



Dia indro hitako tovolahy iray antsoina hoe Alexander nivoaka avy tao amin'ny aty lalin'ny helo. Tsaroako fa tamin'ny tafika masina natrehinay mivady tany amin'ny Repoblika Dominikana no nahitako azy teny an-dalana. Tamin'io aho nasain'ny Tompo hijoro vavolombelona taminy sy hiteny taminy hoe: *"Tsy ho ela dia ho faty ianao ary izao no fotoana farany tokony hibebahanao sy hanekenao an'i Jesosy Kristy."* Dia novaliany aho hoe: *"Mbola tanora aho ka tsy mbola tokony ho faty. Tsy mino an'i Jesosy koa aho hoy izy ary aleo aho ho any amin'ny helo. Ianareo no "fanetika" loatra. Andriamanitra irery no mahalala ny andro ahafatesana."* Mpimamo izy io. Manirery amin'ny fahoriany ny tsiriairay any amin'ny helo. Mifankahala koa izy ireo. Volana iray sy tapany taorian'ny nihaonako taminy dia maty io tovolahy io. Hoy ny Baiboly: *"Ny mpimamo dia tsy handova ny fanjakan'Andriamanitra"* (Galatiana 5:21).

Marobe ny mamaky ny Baiboly, mankany am-piangonana indraindray, nefa tsy mankato izay reny izy. Manao izay sitrapony fotsiny izy. Tsy maintsy manaiky an'i Jesosy Kristy isika mba ho tonga olom-baovao (II Korintiana 5:17). Tsy maintsy mankatò ny tenin'Andriamanitra isika. Voasoratra fa *"ny tsy marina, ny vetaveta, ny mpanompo sampy, ny mpijangajanga, ny mpangalatra, ny mpierina, ny mpimamo dia tsy mba handova ny fanjakan'Andriamanitra"* (Galatiana 5:19-21).

Na ny devoly aza anie ka mino an'i Jesosy sady mangovitra eo anatrehany e! (Jakoba 2:19).Tokony hankatò ny tenin' Andriamanitra isika.Tadidin'ilay tovolahy aho ka hoy izy tamiko: *"Natorako tamin'ny tany ny fitiavan'Andriamanitra ahy."* Nanenina izy ka nilaza tamiko hoe:

## "Nanenina mafy aho tsy nihaino anao"

*"Mandehana re lazao ny fianakaviako fa mbola azony atao ny tsy ho aty amin'ity toeram-pahoriana mangidy misy ahy ity."* Fotoana tokony hitoriantsika amin'ny fianakaviantsika mihitsy izao dia ireo izay akaiky anareo sady tianareo. Torio ny filazantsara na aiza na aiza alehanao. Andro farany izao. Nambaran'ny Tompo tamiko fa tsy andraikitry ny mpitory teny ihany akory izany. Tokony ho vavolombelon'ny Tompo isika rehetra (Asa 1:8). Andraikitra goavana nomen'Andriamanitra antsika izany.

Saiky hiala tamin'io toerana io aho kanefa hoy ny Tompo tamiko: *"Aoka aloha ho hitanao hoe firy isa-minitra ny fanahy very any amin'ny helo."*

Dia hitako fanahy an'arivony isa-minitra no lasa ao amin'ny helo. Nitomany ny Tompo nilaza tamiko hoe: *"Bernarda, hitanao? Firy ny fanahy very any amin'ny helo? Betsaka lavitra ireo ringana any amin'ny helo noho ny mankany an-danitra* (Matio 7:13). *Maro no miteny ho mino an'Andriamanitra nefa miaina amin'ny fahotana: mijangajanga, mpimamo, mpanompo sampy, mpangalatra, mpanao sikidy, mpanandro, sns... An'arivony ny mivarina any amin'ny helo nefa dia sondrian-tory ny fiangonako."*

Tonga ny fotoana handomam-baravarana, hitoriana any am-ponja, any amin'ny hopitaly sy eny an-dalambe hilazana fa ho avy tsy ho ela Jesosy ary mbola azo vonjena izy ankehitriny raha mandray an'i Jesosy Tompo ao am-pony. Manome fiadanana sy fiainana mandrakizay i Jesosy Kristy. Andraikitro sy andraikitrao ny milaza izany amin'ny olombelona rehetra. Hoy ny Tompo hoe: *"Hanadinana antsika ireo olona manodidina antsika ireo. Tsy nitory taminy na nampahafantatra azy ny amin'i Jesosy isika."*

Dia hoy indray ny Tompo tamiko: *"Mbola misy tiako haseho anao."*

Dia nijery aho ka indro olona marobe mijalijaly hitako. Dia hoy ny Tompo: *"Ireo olona ireo dia nahalala Ahy ihany fa nihemotra"* (Hebreo 6:4-6). Rehefa Kristianina ihany ianao nefa niodina tamin'ny Tompo, dia afa-miverina Aminy ihany raha eto an-tany fa raha tsy izany dia ho isan'ny olom-bery ianao, satria nino ny laingan'ny devoly nefa tokony hanompo an'Andriamanitra velona. Ireo olom-bery ireo dia ao ka ny afo ao tsy hovonoina sady tsy mety maty ary ny kankana tsy ho faty mandrakizay (Marka 9:48). Tsy misy hahafahany miala intsony.

Ao amin'io lavaka be io hoy Izy tamiko dia: *"Betsaka no nanao hoe: Haleloia! Voninahitra ho an'Andriamanitra nefa very ny famonjeny".*

*"Fa ahoana Tompo?"* hoy aho. *"Misy ve izany ho nanary ny famonjena efa azony izany?"*

Dia hoy ny Tompo:

## ... "Menatra ny filazantsara izy"....

Noho ny fiainany tety an-tany ihany, maro tamin'izy ireo no menatra ny filazantsaran'i Jesosy Kristy. Betsaka tamin'izy ireo no Kristianina anarany fotsiny. Tsy ampy ny mankany am-piangonana. Hitan'Andriamanitra ny ao anatin'ny olona, izay ataony sy izay lazainy (Salamo 139).

Azontsika atao ny miaina toy ny niainan'ny Tompo. Ataovy eo anatrehan'ny Tompo anie izay rehetra ataonao e! Tsy fantatrao ny fotoana

handaozanao ny tany. Tsy fantantsika koa ny fotoana hihavian'ny Tompo haka ny fiangonany.Ny mpino marina ihany anie no handeha hiaraka Aminy e!



Dia nampiseho ahy farihy afo midedadeda nefa maimbo dia maimbo aoka izany koa Izy. Dia hoy ny Tompo tamiko: *"Noforonina ho an'ny devoly sy ny anjeliny io farihy afo io, ho an'ny mpaminany sandoka koa sy ny anti-Kristy ary ho an'ireo izay tsy te-hanaiky Ahy ho Tompo sy Mpamonjiny"* (Matio 25:24). Tsy nety nankato ny Teniko izy ireo ary nilaza fa tsy misy ny helo. Lazao azy fa mamita-tena izy ireo.

## Ny Fanjakan'ny Lanitra

Nilaozanay io toerana io dia tonga teo amin'ny Lanitra voalohany sy ny Lanitra faharoa izahay. Dia hoy ny Tompo tamiko:

*"Hitanao ve ny Kintana rehetra? Noforoniko ireo ary fantatro hatramin'ny anarany avy izy rehetra. Mamirapiratra ny masoandro satria ny Teniko no mampianatra azy. Ho avy anefa ny andro tsy hampamirapiratra azy ireo intsony"* (Matio 24:29).



Notohizanay ihany ny dianay ka tonga tany amin'ny Lanitra fahatelo izahay. Rindrina volamena sy vatosoa avo dia avo no hitako. Vatosoa tsara tarehy avokoa ny varavarana tsirairay ary misy anjely mpiambina, isam-baravarana. Voasoratra teo ambonin'ny isam-baravarana ny anaran'ny Firenen'Israely. Niditra teo amin'ny varavarana iray ny Tompo ary niantso ahy hanaraka Azy. Amin'ny alalan'i Jesosy Kristy irery ihany tokoa no ahazoana miditra any Jerosalema vaovao. Hoy Izy: *"Izaho irery no vavahadin'ny fiainana mandrakizay"*(Jaona 10:7). Rehefa izany dia indro nisy anjely avo ranjanana hitako. Hoy ny Tompo tamiko: *"Izy no Mikaela"*(Romana 10:13,21;12:1). "*Komandin'ny tafiky ny anjely rehetra*". Lehibe tokoa izy, matanjaka ary tena mahafinaritra ny mijery azy.

Dia nahita tafiky ny anjely aho. Nambaran'Andriamanitra fa mpanompon'ny tenan'i Kristy izy ireo natao hiaro ireo kristiana tena nateraka indray (Hebreo: 1:14). Dia niantso anjely hafa koa ny Tompo: *"Gabriela io"* (Daniela 8:16; Lioka 1:19-20). Dia hoy ny Tompo: *"Mpitondra ny hafatra ho*

*an'ny oloko izy. Izaho no Andriamanitr'Abrahama sy Mosesy ary ELia. Raha nangataka afo avy any an-danitra Elia dia nandatsaka izany Aho. Mandefa iraka ho any amin'ny vahoakako koa Aho".*

## Nasehony ahy ny fiangonana tsy afa-mivavaka



Dia nasehon'ny Tompo ahy indray ny tany. Nasehony ny fiangonana tsy afa-mivavaka no tsy mifady hanina, mizarazara sady marary. Dia hoy koa Izy: *"Ho any an-danitra izay fiangonana madio sy tsy misy tsiny".*

Dia nasehony ahy ny fiangonana voalohany, be voninahitra sady feno hery, dia hery enti-mifady hanina mivavaka (Matio 9:15). Fiangonana tia fitoriana ny filazantsara amin'ny fotoana rehetra amin'ny fahefana sy zava-mahagaga. Dia hoy ny Tompo: *"Avy amin'ny Fanahiko no nanaovan'i Petera fahagagana, fa ny fiangonana ankehitriny dia namela ny Fanahy Masina hiala tsy toy ny tamin'ny fiangonana voalohany. Noraisiko hiara-mandeha sy miankohoka ny Fiangonako fa tsy hizarazara"* (Jaona 17:11).



Dia hoy ihany Izy: *"Mivavaka ianareo mba hotarihin'ny Fanahy Masina nefa ny fikasanareo no alefanareo mialoha. Hadino ny mankalaza Ahy. Eo amin'ny fankalazan'ny oloko ahy Aho".* Ankalazao amin'ny fanahy sy ny fahamarinana ny Tompo. Nambaran'ny Tompo fa tena *"oloko"=persona iray tokoa ny Fanahy Masina*. Tena marina fa persona iray ao amin'ny telo izay iray Izy (Jaona 14:21).


*"Manaja ny Ray ianareo ary manaja Ahy koa.Nefa tonga ny fotoana tokony hankalazanareo ny Fanahy Masina koa",* hoy Jesosy.



## Nandeha teny an-dalam-be Volamena izahay

Hisy toy ny tany am-boalohany ny fifohazam-panahy lehibe. Hiaina izany isika raha tena mitady izany. Nandeha teny an-dalam-be volamena (Apokalypsy 21:21) izahay. Rehefa tonga manoloana ilay seza fiandrianana lehibe izahay, dia nihira nanakoako ny anjely nanodidina hoe: *"Masina, Masina, Masina ny Tompo. Amen, Amen"* (Apokalypsy 4:8).

Tonga ny fotoana hanandratana tanàna Masina hiderana an'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra. Dia indro hitako ny anadahy sy rahavaviko midera an'Andriamanitra manodidina ny vatana mangatsiakako. Tsapako fa miakatra manoloana ny seza fiandrianana ireny fiderana ireny. Dia hoy ny Tompo tamiko: *"Tsy ho ela dia hiraraka eny ambonin'ny tany ny kapoaka fiton'ny fahatezeran'Andriamanitra. Ho tonga ny fitsarana izao tontolo izao. Tsy hiharan'ny fahoriana lehibe anefa ny fiangonako. Hovàna izy ary hitsena Ahy eny amin'ny rahon'ny lanitra"* (I Tesaloniana 4:15-16,18).



Dia hoy indray ny Tompo tamiko*: "Jereo."* Dia indreo hitako ny fokom-pirenena amin'ny tany, amin'ny fiteny sy firazanana samihafa, nanjavona tsy hita. Tany amin'ny Hopitaly, nisy aza zazakely nanjavona teo am-pandriana. Ny vehivavy maro mitady ny vadiny, dia toy izany koa ny lehilahy maro mitady ny vadiny, ray aman-dreny maro mitady ny zanany ary ny zaza maro mitady ny ray aman-dreniny. Fampielezam-peo sy fahitalavitra ary gazety maro no milaza fa marobe ny olona tsy hita izay nanjavonany. Tonga mantsy ny fotoana nahatongavan'ny Tompo naka ny olony (Matio 24:40-41). Dia hoy indray Izy tamiko: "*Jereo ange"*.



## *Ary dia hitako ny kapoaky ny fahoriana lehibe…*

Ary dia hitako ny kapoaky ny fahoriana lehibe feno fahatezeran'Andriamanitra nararaka tamin'ny tany (Apokalypsy 16:1). Hitako ny hazo sy ny voa marobe nirehitra afo, maty ny hazandrano ary nandoro ny olona ny masoandro. Nampitresatresaka ny tany ny horohoron-tany mafy. Samy may hahazo volabe kokoa hatrany ny olona (II Timoty: 3:2). Tsy manam-potoana ho an'Andriamanitra intsony izy. Dia hoy ny Tompo: *"Andeha ambarao amin'ny oloko hoe:*

*"Izaho no Tompon'ny volamena sy ny volafotsy. Ireo izay mitoetra ao amin'ny fitiavana, matoky ny Teniko, ka mandeha mitady ny very, manome ny fahafolon-kareny sy fanatiny, ary ireo izay tsy mifikitra amin'ny vola aman-karena no miasa toy ny tena mpino marina. Ilazao koa ny mpitandrina hampianatra ny Teniko arak izay voasoratra fa tsy hanodina izany amin'ny tombontsoany, na hanova izany satria mihevitra fa tsy mifanaraka amin'ny taonjato iainany ny Teniko."*

Nampandaloviny tamin'ny varavarana tsara indrindra tany an-danitra aho.Nasehony ahy ny paradisa (II Korintiana 12:4, Apokalypsy 2:7). Nihaona tamiko i Petera, Jaona ary Paoly. Nanontaniako izay misy an'i Abrahama Izy ary nanantena hahita lahiantitra be aho. Nantsoin'ny Tompo izy. Toa tovolahy 25 taona no fijeriko azy. Na dia antitra aza ianao dia ho tanora indray any an-danitra. Dia niantso tovovavy iray indray ny Tompo: *"Maria io hoy Izy.Ndeha ambarao amin'ny oloko hoy Izy fa tsy mpanjakan'ny Lanitra akory i Maria.Izaho no Mpanjakan'ny Lanitra* (Apokalypsy 19:16), *hany làlana koa* (Jaona 14:6). *Tsy amin'ny alalan'i Maria na Petera na ny Pretra sy ny mpitandrina no hidirana any an-danitra fa amin'ny alalan'i Jesosy irery ihany. Narotsaka ny rako mba hananan'izay manantona Ahy fiainana mandrakizay. "*(Kolosiana 1:19-20). "Ilazao koa ny olona fa laingan'ny devoly ny afo fandiovana, raha nisy izany efa ho natoroko anao, ny hany misy dia ny helo, farihiafo, Jerosalema vaovao ary ny paradisa. (Lioka 16: 19-27)




Hoy i Maria: *"ny foko mankalaza ny Tompo".* Vehivavy niaina tamin'ny fahamarinany aho. Tiako raha mankalaza ny Tompo tahaka ahy koa ianareo. Tsy mandre anareo i Maria, ao am-paradisa miandry ny fitsanganan'ny maty koa izy. Raha vao maty ny olom-bery dia entin'ny devoly any amin'ny helo. Fa ireo manaiky an'i Jesosy kosa dia entin'ny anjely ho eo anatrehan'Andriamanitra (Lioka 16:22-23).

Dia niala tao am-paradisa izahay ho any Jerosalema vaovao. Nanontany ny Tompo aho hoe: *"Rahoviana no hiverina Ianao?"*

Dia hoy Izy tamiko:

## "Fantatry ny devoly fa tsy ho ela intsony izany"

Fantatry ny devoly fa tsy ho ela intsony izany (Apokalypsy 12:12) ka dia miasa fatratra izy saingy efa vonona ny aty an-danitra. Ny hany tsy ampy dia

izao: *"Tsy maintsy vonona ny Fiangonana (Apokalypsy 19:7) hiatrika izany zava-dehibe izany. Tsy ho ela intsony dia hanome baiko ny Raiko. Haneno ny Trompetran'Andriamanitra ary havahana ao anatin'ny indray mipi-maso ny olombelona ary hiakatra eny amin'ny rahona hitsena Ilay Mpanjakan'ny Mpanjaka"* (I Tesaloniana 4:15-18).

Maro ny olona ao amin'ny Fiangonako no tsy te-handray ny "Fanasan'ny Tompo", satria tsy vonona ho amin'izany izy ireo. Vao mainka tsy vonona handray anjara amin'ny fanasana hataon'ny zanak'Andriamanita izy noho izany na tsy vonona handray ny fanasan'Ilay Mpanjakan'ny Mpanjaka. Dia nentin'ny Tompo ho ao amin'ny toerana misy ny akanjo fotsy aho ka hoy Izy: *"Indreo ny akanjo nomanina ho an'ny ampakarina amin'ny fampakaram-badin'ny zanak'ondry* (Apokalypsy 7:13-14; Matio 22:11-12). Nasehony ahy ireo satroboninahitra volamena. Nisy vatosoa sarobidy ny sasany, nisy koa anefa tsy nanana. Dia hoy aho: *"Nahoana no tsy misy vatosoa ny satroboninahita sasany?"* Dia hoy ny navaliny ahy*: "Valisoa ny vatosoa ka izay mendrika izany no homena (*Apokalypsy 4: 4, 10*). Ireo vatosoa ireo dia valisoan'izay nataontsika ho Azy.Maro no nitory teny ao am-piangonana ihany.Andeha ilazao izy hitory teny any amin'ny hopitaly sy any an-tranomaizina koa."*

# Nasehony ahy ilay bokin'ny fiainana

Nasehon'ny Tompo ahy ilay boky sarobidy tena volamena. Nosokafany io dia hoy Izy: *"Jereo izay voasoratra ao.Ity no bokin'ny fiainana"* (Apokalypsy 20:15, 21:27). Nasehony ahy ny anarana voasoratra teo. Nisy hitako tao ny anaran'ny olona tao am-piangonana.  Nojereko izay anaran'ireo mpitantana ny hira fiderana sy ny sekoly alahady. Nisy nofafaina ny anarany. *"Inona no antony Tompo ô!"* Hoy aho. Hoy Izy namaly hoe: *"Noho ny fianianany tena vavolombelona mandainga." Very ny famonjena noraisiny hoy Izy raha manao tan-droa ny olona eo amin'ny fiainany. Nafana fo ery ianao niseho ho nanompo ny Tompo, kanjo nanjary matimaty ka "naloan'ny vavako" (*Apokalypsy 3:16*) ary nokosehina tamin'ny boky ny anarany (*Apokalypsy 3:5*)...*



Dia mbola nanome ahy fahatsapana ny helo sy ny lanitra fanindroany indray ny Tompo. Tao amin'ny efitranoko aho. Tonga hidera sy hankalaza an'Andriamanitra ny olona. Tena tsapanay ny fanatrehany anay. Nilaza tamiko anefa ny rafozako fa mitaraina ny hafa hoe mitabataba loatra izahay. Raha

te-hilaza izany tamin'ny anadahiko sy rahavaviko aho dia nibitsibitsika tamiko ny Tompo nanao hoe: *"Aza atsahatrao ny fideran'ny oloko Ahy, mitabataba ery ny olon'izao tontolo izao rehefa mivory."*

Dia nahita hazavana lehibe nameno ny trano aho. Nahita olona maro nokasihin'Andriamanitra aho ka nofenoiny ny Fanahy Masina (Asa 4:31). Nanjary hita maso toa nanana vatana ilay hazavana ary dia hitako i Jesosy nikasika ny tsirairay. Dia hoy Izy hoe: *"Te hitondra anao fanindroany Aho."* Dia hoy aho: *"Tompo ô! Aza mbola raisina aho aloha, satria mbola hitety tany maro aho hampita izao hafatrao izao."*

## Fitenin-danitra no nitenenako

Tsapako fa tonga ny fotoana handehanako miaraka amin'ny Tompo ka te-hilaza izany tamin'ireo manodidina ahy aho, nefa tsy nahateny, fitenin-danitra no nitenenako. Tsapako fa handeha aho! Nianjera tamin'ny tany ny tenako, fa ny fanahiko naniditsidina tao an-trano. Ren'ny fanahiko fa nisy nandondona mafy ny varavaran'ny trano nisy ahy. Polisy roa lahy ireo. Nisy nilaza tamin'izy ireo mantsy. Hoy izy ireo hoe: *"Misy olona maty ato amin'ity efitrano ity ?"* Fantatry ny vadiko fa hoentin-dry zareo ny nofoko dia hoy izy: *"Eto am-piderana an'Andriamanitra izahay."* Dia hoy ireo polisy ireo hoe: *"Aza dia mitabataba loatra ary sady lasa ry zareo."*

Dia nentin'ny Tompo namangy ny repoblika dominikana aho. Dia hoy izy tamiko: *"Nentiko ety amin'ity toerana sy tanàna ity ianao fa misy fahotana lehibe roa tonga eo anatrehan'ny Ray: fanompoan-tsampy sy fanaovana ody ratsy (*Deotoronomia 18:10-12*). Ento any ny hafatro. Raha tsy mibebaka izy ireo dia hirotsaka aminy ny fitsarana."*



Dia nentin'ny Tompo tany Venezuela indray aho.Dia mbola hita tao koa ireo fahotana ireo. *"Mandehana koa*, hoy Izy tamiko, *ilazao ny olona fa raha tsy mibebaka ka miverina Amiko amin'ny fo manontolo izy ireo dia hianjera aminy koa ny fitsarana."* Dia hoy ny Tompo tamiko: *"Tsy maintsy entinao any Meksika koa izany."* Firenena tena mpanompo sampy io firenena io. Nahita alitara fanompoana ny

devoly maro tao aho. Dia hoy ny Tompo*: "Raha tsy miverina amiko izy ireo dia hilatsaka aminy ny fitsarana lehibe", horohoron-tany no famantarana voalohany amin'izany.*

Dia nentiko tany ny hafatra ary herintaona taty aoriana dia nisy horohorontany nahatsiravina tany.

## *Nasehon'ny Tompo ahy ny tany maro…*

Dia nasehon'ny Tompo tsirairay tamiko ny tany maro. Hitako tetsy sy teroa, horohoron-tany, tondra-drano, aretina, fijaliana…(Matio 24:4-8). Dia hoy Izy tamiko: *"Aza matahotra, tsy hisy ho voakasika na dia ny singam-bolony aza amin'ny oloko."* Dia nentiny teo afovoan'ny tany indray aho. Dia nidina izahay ka tonga teo anoloan'ny varavarambe iray misy hidiny lehibe. Nosokafan'ny Tompo io. Tonelina hafa noho ilay hitako teo aloha io. Indro olo-marobe mitafy voro-damba sy akanjo malotobe miandry eo, tena ory sady mikiakiaka mitomany. Niezaka niteny tamin'izy ireo aho nefa tsy afaka. Hitako teo amin'ny endriny ny famoizam-po ary nisy tanora telo avy tamin'ny fiangonanay hitako teo.



Dia hoy ihany ny Tompo tamiko: *"Fantaro ry Bernarda, inona no antony nitondrako anao eto indray! Satria avo roa heny ny isan'ny olona eto hatramin'ilay nandalovantsika farany teto iny. Matory mantsy ny fiangonako* (Romana 13:11*) ka an'arivony ny olona mankany amin'ny helo isa-minitra."* Tonga ny fotoana tokony handehanantsika hitory amin'ny rehetra fa: *"Tena misy ny helo"* (Lioka 12:5). Fotoana tokony hamonjena ny olona tsy ho any amin'ny helo izao. Fotoana tokony hitoriana marina ny Tenin'Andriamanitra izao. *"Mandehana lazao amin'ny mpino rehetra fa ho avy tsy ho ela Jesosy ary hisy fahoriana lehibe hanjo izay tsy hiaraka Aminy"* (Apokalypsy 22:20).

Indro olona maro mifatotra miondrika mitafy lamba rovidrovitra. Raha nanontany ny Tompo aho ny amin'ireo dia nolazainy fa ireo dia olona andalana mankany amin'ny helo. Anisan'izy ireo I Adolfo zokilahimatoan'ny vadiko, sarotra niaraha-monina izy, nisara-bady matetika ary efa imbetsaka no naniratsira an'Andriamanitra. Niangavy mafy tamin'ny Tompo aho hiverina haingana ety an-tany hampitandrina azy fa tsy novaliany. Indro izy mivady efa eo am-bavan'ny helo mizotra mankao anaty tonelina. Niangavy ny tompo

indray aho ka sady nanandra-tànana izy no nanao hoe: "Ilazao ny olona fa maro no very aty amin'ny helo". Hitako izy niteny tamin'ny vadiny hoe: *"Fantatro fa efa ho faty aho."* Nefa hoy ny vadiny taminy: "mamo ianao ka miteniteny foana." Tamin'io fotoana io indrindra dia hoy Andriamanitra: *"Homeko famindram-po farany izy."* Nony kelikely dia samy natory izy mivady, ary nahita fahitana tamin'ny nofy ilay vadiny. Hitany izy roa mandeha ao anaty tonelina mankany amin'ny helo mitafy voronkitsay, reny koa ny feon'ny Tompo nanao hoe, "tapitra hatreo ny andro iainanareo roa. Nanaiky an'i Jesosy Tompo teo noho eo izy ireo.(Joda 23).



Dia niala teo amin'ny helo toy ny fihelatry ny hazavana izahay. Nahita anjely nanidina haingana dia haingana aho ka nanontany ny Tompo hoe: *"Nahoana no dia mandeha mafy dia mafy toy izany izy ireo?"* Dia hoy ny navaliny ahy: *"Hasehoko anao izay misy eny ambonin'ny tany".* Dia hitako ny Devoly marobe manafika ny fiangonana (Efesiana 6:12, I Petera 5:8).



Hitako koa ny devolin'ny fijangajangana mandavo mpanompon'Andriamanitra maro. Dia hoy ny Tompo tamiko: *"Manafika mafy dia mafy ny tany i Satana* (Apokalypsy 12:12) ary maro ny oloko lavo satria manakona ny voninahitro. Ankiatr'izay dia henjana ny fikorontanana ara-panahin'ny vadiny fa tsy manorina ny tranony amin'ny fahendrena. *Ka ireo tafiky ny anjely marobe ireo dia irahiko hamonjy ny fiangonako"* (Hebreo 1:14).

Tena hitako ny fomba iarovan'ny Jesosy Tompo ireo tena mifototra amin'ny fanompoana an'Andriamanitra. Dia niverina ho eo amin'ilay toerana nitehirizana ireo akanjo fotsy sy satroboninahitra izahay. Tsy teo intsony anefa ireo. Dia nankany amin'ny toerana fiandriananan'ny Zanak'ondry izahay. Hitako fa efa voaomana daholo ny latabatra. Mipetraka amin'ny seza ny anarana. Teo ambony seza ny akanjo fotsy, ary teo ambony latabatra ny satro-boninahitra. Seza niavaka eo amin'ny toerana ambony no ho an'ilay Mpamonjy sy Mpanafaka antsika. Nahita kapoaka volamena teo aho ary dia hoy i



Jesosy tamiko: *"Ndeha jereo ny ao anatiny."* Hitako fa efa feno divay vonona haroso io kapoaka io. Hoy aho nanontany: *"Nahoana no eo ambony seza ny lamba fotsy ary eo ambony latabatra ny satroboninahitra."*

Dia hoy ny Tompo:

## "Lazao ny oloko fa ho avy tsy ho ela Aho"

Mandehana lazao amin'ny oloko fa ho avy tsy ho ela Aho (Apokalypsy 22:20).

## Ny fianakaviako

Efa nisaraka I Dada sy I Neny ary tamin'I Dada aho no nipetraka. Fatra-panaraka fombafombam-pivavahana I neny, I dada kosa tsy mino na inona na inona. Manan'drahavavy kilasimandry any amin-dry masera aho, nefa fantatro fa halain'ny Tompo tsy ho ela any izy ka hiara-mitory amiko fa izaho tsy mitsaha-mivavaka ho azy. Sahirantsaina aho ny amin'ny foto-pinoana anganongano arahin'I neny ka tamin'ny diako voalohany tany an-danitra dia hoy aho tamin'ny Tompo: "Very ny reniko Tompoko. Efa itoriako ny fizalan-tsara foana izy nefa tsy mety miala amin'nio fivavahana tsy izy io." "Hovonjeko ny reninao, hoy I Jesosy. Saingy hoentiko hody avy hatrany raha vantany vao miova 'ndrao hanota indray ka ho lasa any amin'ny helo." Rehefa niverina tety an-tany aho dia nitalaho mafy tamin'ny Tompo hanatanterahany izay efa nampanantenainy fa vao may ny reniko nifikitra mafy tamin'ny fanompoam-piangonana. Indray andro dia nampiasain'Andriamanitra hanova an-dreniko ny zanako. 3 antro taorian'ny niovàny fo dia maty izy. Tamin'ny diako faharoa tany an-danitra dia hoy ny Tompo: "Jereo fa izay lazain'ny vavako dia tanterahiko." Indro tokoa I neny miaraka amim-behivavy maro tao am-paradisa lafatra.



Ary ny Tompo nitondra ahy tamin-toerana iray nahitako ankizy aminarivony maro nihira sy nidera ny Tompo. "Ireo, hoy Izy, dia zaza nesorin'ny ray amandreniny sy ireo dokotera mpamono olona. Ireo zaza vonoina dieny any an-kibo sy Ariana eny amin'ny fanariam-pako sy renirano dia aty an-danitra avokoa." Ranadahy sy ry rahavavy malalako! amin'ny Tompo na vao 1 andro aza no niforonana tao ambohoka dia ifa olombelona.

Dia hoy indray ny Tompo tamiko: *"Bernarda, tsy maintsy miverina amin'izay ianao."* "Tompo ô!" hoy aho, "*mbola fotoana fohy monja no nijanonako taty."* Nefa hoy Izy: *"Ry Bernarda, Izaho no tanjakao, ity hafatra ity dia tsy maintsy ampitaina maneran-tany.Efa dimy andro araka ny eny an-tany ianao no taty ka tsy maintsy miverina mitondra ny hafatra. Ilazao ny kristiana, ny mpitandrina, ny mponina rehetra amin'ny tany, eny na ny tenanao koa aza fa: Izay madio aoka mbola hihamadio ihany ary izay masina aoka mbola hihamasina ihany (Apokalypsy 22:10-11).*

Dia nentin'i Jesosy ilay naka ahy avy teto an-tany aho, nentiny nanatona ny vatako mangatsiaka. Hitako ireo olona manodidina ny nofoko, sady midera an'Andriamanitra. Niteny tamin'ny vatako ny Tompo ary nibaiko ny fanahiko mba hiditra ao. Ilay Tompon'ny aina no nanao izany baiko izany (Lioka 7:14, 8:54). Tsy te hiala tamin'ilay fanahy nampitolagaga hiditra amin'ilay nofo efa maloka be aho nefa teny mamy dia mamy no nolazain'i Kristy Jesosy: *"Izaho no fananganana ny maty sy ny fiainana. Izay mino Ahy na dia maty aza dia ho velona indray"* (Jaona 11:25).

Raha mbola niteny izany ny Tompo dia niditra tao amin'ny tenako ny fanahiko. Taitra aho dia hitako ny endrik'ireo anadahy sy rahavavy manodidina ahy. Dia hoy aho tamin'izy ireo: *"Nilaza tamiko ny Tompo hanambara aminareo fa velona Izy (Apokalypsy 22:16). Mahery Izy, hiverina tsy ho ela Izy (Apokalypsy 22:29) ka tokony ho vonona ny amin'izany maha-antomotra ny fiverenany izany ny fiangonana. Ho amin'ireo izay tsy mbola nandray Azy ho mpamonjy ny tenany manokana, dia tsy tokony handany andro foana intsony izy ireo. Nirahin'ny Tompo hanambara ireo taminareo aho mba hatoky ianareo, ary mba hinoan'izao tontolo izao fa tena misy marina tokoa ny Lanitra sy ny helo. Tompon'ny zavatra rehetra tokoa Jesosy Kristy ary lafo vidy tokoa, tamin'ny rany no nampihavanany anareo tamin'ny Ray (Kolosiana 1:20) mba ho voavela ny helokareo. Efa nanomana ny lalana Izy ary ho avy tsy ho ela haka ny Azy (Jaona 14:3). Amen".*



Eo amin'ny 15 isaky ny segondra ny olona maty. Izany hoe 648 000 isan'andro no isan'ny maty ambara ao amin'ny fahitalavitra maneran-tany izany.

Ireto andinin-tSoratra Masina manaraka ireto dia niniana nangonina mba hampitandremana ireo mafy fo ny amin'ny fiafaran'ny fiainana mahatsiravina miandry izay tsy mety mino.

Ny helo dia:

1- Farihy afo iray (Apok: 29:1-5)
2- Afo mandevona (Isaia:33:14)
3- Lavaka tsy hita noanoa (Apok:20:1)
4- Lelafo mandrakizay (Isaia:33:14)
5- Lafaoro misy afo mirehitra (Matio: 13:42)
6- Toeram-pijaliana (Lioka:16:25)
7- Toeram-pijaliana mandrakizay (Joba:13)
8- Toerana hitsakotsakoana ny lela noho ny fanaintainana (Apok:16:10)
9- Toerana nomanina ho an'ny Devoly sy ny anjeliny (Matio:25:24)
10- Farihy afo sy solifara (Apok:19:20)
11- Toerana isotroana ny fahatezeran'Andriamanitra (Apok:14:10)
12- Toeram-pijalian'ny mpanota mandrakizay (Apok:21:8)
13- Toerana misy kankana tsy mety maty sy efa tsy azo vonoina (Marka:9:48)

Aiza no misy ny helo? Any no hiafaran'ny fiainana nolanilaniana foana!
Manantona an'Andriamanitra isika mba hanantona anao Izy (Jakoba 4:8)

Azon'ny olona atao ny hiaina tsy manana an'i Jesosy Krsity, saingy tsy azony atao ny ho faty sambatra tsy miaraka Aminy.

# *NY FITSARANA FARANY*

"Ary hitako fa, indro, nisy seza fiandrianana fotsy lehibe sy Ilay mipetraka eo amboniny ; ny tany sy ny lanitra nandositra ny tavany, ka tsy nisy hitoerany intsony. Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana; ary novelarina ny boky; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin'ny fiainana izany; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin'ny boky, araka ny asany. Ary ny ranomasina dia namoaka ny maty tao anatiny; ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita* namoaka ny maty tao aminy; dia samy notsaraina araka ny asany izy. [* Gr. Hadesy] Ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita* dia natsipy tany amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa, dia ny farihy afo. [* Gr. Hadesy] Ary raha nisy tsy hita voasoratra teo anatin'ny bokin'ny fiainana, dia natsipy tany amin'ny farihy afo izy." Apokalipsy:20:11-15

# NY TOKONY HATAONTSIKA

- "Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra an'izao tontolo izao" Jaona:3:16
- "Mifalia, satria voasoratra any an-danitra ny anaranareo…Lioka:10:20"
- I Timoty:4:12 "Ny tokony fitondrantena hanan'ny tanora"
    1- Fiteny: I Jaona 2:15-16 ; Kolosiana:4:6
    2- Fitondrantena sitrak'Andriamanitra
    3- Fitiavana: Jaona 13:34-35 ; Amour AGAPE ; Matio 5:44-45
    4- Ny finoana: tsy arahin'asa dia foana
    5- Fahadiovana: ny fo, fa tsy ny ivelany
    6- Fibebahana: vavaka - Hira 434
- Fadio ny asan'ilay ratsy na ny asan'ny devoly rehetra ary mitafia fiarova-tratra mahery dia ny Tenin'Andriamanatra ary matahora an'i Jehovah hahatanterahanao ny sitrapony 100%.

Asasoratr'I pasitera Emilien razafiarison nadika avy tamin'ilay boky mirakitra ny fijoroam-bavolombelon'I Bernarda fernandez mitondra ny lohanteny hoe: "Prepare For The Lord's Return" izay azonao jerena eto.

(Ny kisary mandravaka dia tsy anisan'ny fijoroana fa nampiana taty aoriana.)